Miandania Amin'ny Fivavahana Marina (Fizarana 2)

Miorina amin'ny boky *Inona Marina no Ampianarin'ny Baiboly?* toko 16, azo jerena ato amin'ny jw.org.

TANJONA: Hamantatra hoe inona no inoanao ary nahoana, handinika izay ampianarin'ny Baiboly, ary hijery ny fomba hanazavana an'izay inoanao amin'ny hafa.

TOKONY HORESAHIN'NY TENA KRISTIANINA AMIN'NY HAFA VE NY ZAVATRA INOANY?

1 FANTARO IZAY INOANAO

Nahoana ny olona sasany no mety hamaly hoe eny?

Nahoana ny olona sasany no mety hamaly hoe tsia?

Ary *ianao,* inona no inoanao?

Nahoana ianao no mino an'izany?

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

2 DINIHO IZAY AMPIANARIN'NY BAIBOLY

Tsy tia miady hevitra momba ny zavatra inoany ny tena Kristianina.
(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 16, fehintsoratra 13-17.)

Vakio ny Kolosianina 4:6.
Araka io andininy io, nahoana isika no mila mahay mandanjalanja rehefa manazava ny zavatra inoantsika?

Vakio ny Matio 7:12.
Raha sendra olona tsy manaiky an'izay inoantsika isika, nahoana isika no mbola tokony hanaja azy ihany?

Rehefa manipy baolina ianao, dia atsipinao moramora ilay izy amin'izay ho mora voatantin'ilay olona. Hoatr'izany koa fa tokony hahay handanjalanja ianao rehefa manazava ny zavatra inoanao, amin'izay ho azon'ny olona ny hevitrao

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Mivory miaraka amin'ny mpiray finoana aminy ny tena Kristianina, ary mianatra hoe ahoana no hanazavana ny zavatra inoany amin'ny olona te hahafantatra kokoa izay lazain'ny Baiboly.
(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 16, fehintsoratra 18-19.)

Vakio ny Salamo 22:22 sy ny Romanina 1:12 ary ny Hebreo 10:24, 25.
Inona ny soa azontsika rehefa mivory miaraka amin'ny Kristianina hafa isika?

Vakio ny Malakia 3:10.
Inona no ho azontsika raha miandany amin'ny fivavahana marina isika?

Iza no *tianao* hiresahana momba izay inoanao? Mila mahay mandanjalanja anefa ianao rehefa miresaka aminy. Ahoana àry no hanaovanao an'izany?

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

3 HAZAVAO IZAY INOANAO

RAHA MISY MITENY HOE…

Terenareo Vavolombelon'i Jehovah hanaiky an'izay inoanareo fotsiny ny olona.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Faly izahay rehefa afaka *manazava* ny zavatra inoanay amin'ireo olona te hahafantatra an'ilay izy. Izahay anefa tsy *manery* an'iza na iza mihitsy hanaiky ny zavatra inoanay, satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

RAHA MISY MITENY HOE…

Samy tokony hitazona ny finoany ny olona, fa tsy tokony hiresaka be momba an'ilay izy.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Be dia be ny olona mieritreritra hoatr'izany. Milaza anefa ny Baiboly hoe tsara ny miresaka momba ny zavatra inoantsika satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania